Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

TALATA 28 APRILY 2020

Lohahevitra: MITADIAVA AN'I JEHOVAH DIA NY MBOLA HITA IZY

Mitadiava dia hahita

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

Mitarika: Dr Rev Seth Rasolondraibe

HIRA AMF

Vavaka

VAKITENY 1a MAT 7.7-8

7Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo. 8Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana.

Fampidirana La prière comme prolongement de la révelation divine....

HIRA Antoko Mpihira : « ANDRIAMANITRA E MAHAGAGA »

Vakiteny 1b. MAT 7.1-5

1Aza mitsara, mba tsy hotsaraina ianareo. 2Fa araka ny fitsarana ataonareo no hitsarana anareo; ary araka ny ohatra ataonareo no hanoharana ho anareo. 3Ary nahoana ianao no mijery ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao, fa ny andry eo amin'ny masonao dia tsy mba tsaroanao? 4Ary ahoana no hilazanao amin'ny rahalahinao hoe: Aoka aho hanaisotra ny sombin-kazo eo amin'ny masonao; nefa, indro, ny andry eo amin'ny masonao? 5Ry mpihatsaravelatsihy, esory aloha ny andry eo amin'ny masonao, ary amin'izay vao ho hitanao tsara ny hanesoranao ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao.

HIRA 532: 1-2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Hialan'ny avonavona sy ny fireharehana....

Mba heson'ny Tompo amintsika ny andry = Jamba.
Ho vojen'Atra ny Fiangonana sy Fianakaviana...
...efa simba sy ravan'ny fifampitsarana

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 2. MAT 7.6

Aza omena ny alika izay masina; ary aza atsipy eo anoloan'ny kisoa ny vato soanareo, fandrao hanitsaka azy izy, dia hifotitra ka hamiravira anareo.

Fanazavana Fohy

HIRA 532.3-4

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Mba homen'Atra fanetren-tena ny Mpitondra....
Fivavahana sy fanjakana
Ny ray sy reny sy ny zanaka

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 3. MAT 7.7-11 + JER 29.11-13

7Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo. 8Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana. 9Ary iza moa aminareo, raha angatahan'ny zanany mofo, no hanome azy vato? 10ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana? 11Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome zava-tsoa ho an'izay mangataka aminy?

JER 29

11Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany. 12Ary hiantso Ahy ianareo ka handeha sy hivavaka amiko, dia hihaino anareo Aho. 13Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra.

Fanazavana fohy

HIRA 417.1-2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Ny mino rehetra mba hangataka **isan'andro**:
Ny fitiavan'i Jeseosy: Hitiavana azy sy ....
Haharitra mivavaka ... COVID....

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. MAT 7.12-14

12Koa amin'izany na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany; fa izany no lalàna sy mpaminany. 13Midira amin'ny vavahady èty ianareo; fa lehibe ny vavahady, ary malalaka ny lalana izay mankany amin'ny fahaverezana, ka maro ny miditra any. 14Fa èty ny vavahady, ary tery ny lalana izay mankany amin'ny fiainana, ka vitsy ny mahita azy.

Fanazavana Fohy

HIRA 417.3-4

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA MALALAKA

VAVAKA MPITANDINA + NP

Teny FANDRAVONANA

GAL 5.22-23

22Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, 23fahalemem-panahy, fahono-nam-po; tsy misy lalàna manohitra izany.

417.5

TSO-DRANO

Ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo……